# FAMARANANA NY FANKALAZANA NY "IRAY VOLAN'NY TENY MALAGASY"

## Natao tao amin'ny Tranon'ny Konsily Jeneralin'i MARSEILLE

**ALAKAMISY 29 JONA 2023**

# TATITRY NY FAMELABELARAN-KEVITRA

## "NY TENY MALAGASY SY NY RAHARAHAM-PANJAKANA"

**RABEARISOA Hery**
Konsilin'i Madagasikara - Marseille

**Pr. ANDRIANARISOA Hasina Olga**
Tale pedagôjika F.T.M.
Mpampianatra kabary
Talen'ny fikarohana
(Faritany FI.MPI.MA. SUISSE)

**RANDRIAMARO Jules**
Filoha FI.MPI.MA MARSEILLE
**RANDRIAMAMPIONINA Rondro**
Mpampianatra FI.MPI.MA MARSEILLE

**Pasitora RANDRIANANDRASANA Jeannot**
**RAVELOJAONA Kajy**
Mpiandraikitra FPMA Aix-Marseille

**Momo Jaomanonga**
Mpanoratra

**RANJATOHERY Harilala**
Filoha lefitry ny sokajy 1
Akademia Malagasy

**Masoandrontsoa**
**(Rojo RANAIVOARISOA)**
Poety - Mpanoratra
Mpikambana CLUB 1808

**NIARAHANA NIFANOME TANANA**
AKADEMIA MALAGASY
KONSILIN'NY MADAGASIKARA - MARSEILLE

**NOTONTOSAIN'IREO**
SAKAIZAN'NY AKADEMIA MALAGASY ATY AMPIELEZANA

**NAFANAIN'IREO NAMANA**
AMAD TOMBOVELO ZAYAD (Mpanoratra tononkalo sy hira)
RANDRIA KWASSA (Mpanakanto)
ALAIN SY RAVAKA (Mpanakanto)

**NOTARIHIN'NY**
CLUB 1808 - Foibe : 47, rue Vivienne – 75002 Paris

contact@club1808.com



Mila manana finiavana politika kokoa ny fanjakana amin'ny fampiroboroboana ny teny malagasy

**RABEARISOA Hery**

Konsilin'i Madagasikara eto Marseille

1- Ny teny eo amin'ny fifaneraserana eo amin'ny sampan-draharaham-panjakana:

- Ny teny frantsay hatrany no entina hamolavolana lalàna, didim-pitondrana,... izay vao hadika amin'ny teny malagasy,

- Vitsy ny mampiasa ny teny malagasy eo amin'ny fifandraisana amin'ny samy andrim-panjakana.

- Na ny fangatahana sora-piankohonana, fanamarinam-ponenana aza dia amin'ny teny frantsay avokoa amin'ny ankapobeny. Ary na dia atao amin'ny teny malagasy aza ny fangatahana, matetika ny valiny dia amin'ny teny frantsay hatrany (oh: didim-pitsarana)

Vokany: miteraka tahotra eo amin'ireo Malagasy tsy mahay mamaky teny sy manoratra izany ka mitarika azy ireo hatahotra hiditra birao.

Araky ny tatitry ny OIF (2022): 26%-ny malagasy ihany no mahafehy ny teny frantsay.

Tsikaritra anefa fa ny raharaham-panjakana an-tsoratra, ireo lanonam-panjakana, na dia vahiny iray fotsiny aza no eo dia atao amin'ny teny frantsay avokoa ny lahateny sy ny fandraisam-pitenenana.

Ny teny frantsay no mibahan-toerana, fa zary lasa lasa an-jorom-bala kosa ny teny malagasy.

Tolo-kevitra hijerena vahaolana:

- Ilana famaritana mazava ny politikam-pirenena momba ny teny,

- Fanapariahana sy famoronana voambolana azo hampiasaina,

- Eo amin'ny sehatry ny fanabeazana : ilaina ny famolavolana olona saro-piaro sy sarotiny amin'ny teny malagasy.



Adidintsika izay mandala ny teny malagasy, Andraikitry ny olom-pirenena tsirairay ny famporisihana, ny fampitana sy fampitiavana ny teny malagasy.

**Pr ANDRIANARISOA Hasina Olga**

Tale Pedagojika FTM

"Ny toeran'ny teny eo amin'ny fiainam-pirenena."

21 febroary: andro natokan'ny UNESCO ho fankalazana ny tenin-dreny

Lohahevitry ny fankalazana 2023: "Fanabeazana maroteny, antoka amin'ny fampivoarana ny fanabeazana."

Ny tenin-dreny, izay nampitaina sy nambomba ny zaza hatrany am-bohoka, dia Harena mendrika horaketina an-tsoratra mba holovain'ny taranaka (voambolana, fiteny samihafa, ...)

Hoy hatrany ny UNESCO:

Tsy misy fanabeazana mahomby ka hahatonga olom-banona raha tsy ny teny, izay reny sy hilonan'ny zaza eo amin'ny fiainana andavanandro no fitaovana enti-mampianatra
(Io ilay tenin-dreny)

> Ny fiorenana amin'ny teny ibeazana no fitaovana mahomby indrindra hananana ny fahaleovan-teny izay antoky ny tena fahaleovantena.

1- Toeran'ny teny eo amin'ny raharaham-pirenena:

- Ny teny dia maneho ny fiandrianam-pirenena.

Ireo endri-pamantarana ny fiandrianam-pirenena:
Tenim-pirenena,
Hiram-pirenena,
Sainam-pirenena

Mariky ny fiizina* noho izany ny teny.
(*identité)

- Mandrindra ny fiainam-piaraha-monina, satria manana ny hasiny ny teny (oh: hasin'ny teny ierana, tsitsika, ets.)

2- Toeran'ny teny eo amin'ny fanabeazana :

-fahiny: tsy nisy fampitana an-tsoratra, fa tamin'ny herin'ny teny no nampitana fahaizana amam-pahendrena, fahalalana, fampitana anatra* (*éducation)

Oh: Ankanonona/ankifidy/ankamantatra/angano/hainteny/kabary

-rehefa tafiditra ny soratra: niteraka fisarahana teo amin'ny fiaraha-monina malagasy izany ka zary nampiavaka tanteraka ny mahay sy ny tsy mahay taratasy, satria ny teny frantsay no lasa nampitana fahalalana, fanabeazana. Norarana rahateo ny fampiasana ny teny malagasy tany an-tsekoly.

Hany ka lasa olana goavana ny fampiharana ny malgachisation.

Araky ny fanadihadiana nataon-dRandriamasitiana tamin'ny taona 2004:

0,57%: malagasy misafidy ny tsy hiteny ny teny malagasy mihitsy

16%: fianakaviana malagasy miteny frantsay indraindray (manao fiteny vary amin'anana)

68%: tsy miteny afa-tsy teny malagasy (ireo izay tsy nandia sekoly miteny frantsay, tantsaha, ary mihoatry ny antsasany amin'ireo no tsy mahay mamaky teny sy manoratra)

Inona no olana tsy hampiharana ny Politikan'ny teny?

Ilaina ny fandraisana andraikitry ny fitondram-panjakana izay tompon'antoka amin'ny fanapahan-kevitra hitondrana ny fanabeazana sy ny fitandroana ny hasin'ny tany sy ny fanjakana.

Ny famolahana ny tena hamokatra asa soratra no fomba entina mirakitra ny teny sy mitazona azy mba ho velona.

Ilaina ny fandresena lahatra ireo ray aman-dreny hampianatra ny zanany any amin'ny sekoly miteny malagasy, ary hatomboka amin'ny tenin-dreny ny fampianarana eny amin'ny ambaratonga fototra.



Pr ANDRIANARISOA
Hasina Olga

Mpampianatra Mpikaroka
"Linguiste" ary "Ethnologue"
Tale pedagojika FTM
Mpampianatra kabary
Talen'ny fikarohana Faritany
FIMPIMA Suisse



Momo JAOMANONGA
Mpanoratra

Lasa simba ny anarana nohon'ny teny malagasy ofisialy tsy manome lanja ny tenim-paritra...

Ilaina ny fisokafana amin'ny faritra sasany amin'ny fampiasana ny teny malagasy.

Misy ny olana amin'ny fampiasana ny teny malagasy any amin'ny faritra:

- Izay miteraka tsy fifankahazoana eo amin'ny fomba fanoratra sy fomba fanonona izay miteraka fahadisoana sy manimba endrika ny teny matetika.

- Sahirana amin'ny fampidirana ny anarana avy any amin'ny faritra indrindra amin'ny fotoam-pikarakarana ny taratasim-panjakana
(oh: rehefa manao fanambarana hanaovana kopian'ny sora-piankohonana, na fametrahana anaran-tanàna)

- Vitsy ny manaiky ny fomba fanoratra amin'ny fitenim-paritra mandritry ny fotoanan'ny fanadinam-panjakana



Jules RANDRIAMARO
Rondro RANDRIAMAMPIONONA

Mihatra aman'aina ny fianarana ny teny malagasy satria fototra ijoroana.

Ny tsara fototra ihany no afaka mitombo tsara sy mivelatra ary misandrahaka araka ny tokony ho izy.

Ny maha-zava-dehibe ny fianarana teny malagasy ho an'ny ankizy:

Mitahiry sy mampita soatoavina, kolontsaina, fomban-drazana, ny maha izy azy ny malagasy, mariky ny fiizina, manamafy orina ny fototra ijoroana, hahafahana mifandray amin'ireo ray aman-dreny sy ny havana, fifanohizana amin'i Madagasikara.

Ny ankizy no hoavin'ny Firenena sy ny teny malagasy.

>Hoy ny Unesco: 909-ny teny velona ankehitriny dia ho faty mialohan'ity taonjato farany ity.

Ny FIMPIMA Aix-Marseille sy ny fampianarana teny malagasy ny ankizy.

Ireo vinan'izy ireo mahakasika izany:

- Hanondrotra ny teny malagasy amin'ny alalan'ny kabary,

- Fifanomezan-tanana amin'ny fampitana ny teny malagasy amin'ny ankizy,

- Fanitarana ny fiaraha-miasa amin'ireo fikambanana isan-karazany hahafahana manao hetsika ho fanomezan-danja ny teny malagasy, hiarahana amin'ny ankizy,

- Hanohy hatrany ny fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana teny malagasy amin'ny alalan'ny fampiofanana ireo mpampianatra.

Hazoniko ny teniko hisondratan'ny taniko.

Fizotry ny fampianarana:

Sabotsy isan-tapa-bolana 10-12ora

Hai-fampianatra:

- Miainga amin'ny filan'ny ankizy,
- Atao amin'ny endrika mahaliana azy ny lesona,
- Lalao an-kalamanjana, hialoavan'ny hiram-pirenena sy ny hira fanevan'ny Fimpima, faranana amin'ny lamako (valiny: miteny gasy aho)

>Zoky modely: tia an'i Madagasikara sy vonona hampita izany fitiavany an'i Madagasikara izany amin'ny alalan'ny seho manavanana azy



Kajy RAVELOJAONA
Pasteur Jeannot RANDRIANANDRASANA

Raha mbola misy koa ny Fiangonana dia tsy ho levona ny teny malagasy


FPMA: Fiangonana frantsay miteny malagasy,

Sehatra hivelarana, hianarana, hanabeazana olom-pirenena vanona amin’ny alalan'ny finoana.

Mampianatra sy mitaiza ny zanaky ny Fiangonana amin'ny alalan'ny teny malagasy.

Ny teny no mampifamatotra ny Firenena sy ny zanak'Andriamanitra.

>Ny zavatra rehetra nataon'Andriamanitra dia miara-miasa hahasoa.



RANJATOHERY Harilala

Filoha Lefitry ny Sokajy I Akademia Malagasy

Harena ho an'ny teny malagasy izay rehetra voalaza nandritry ny vela-kevitra mahakasika ny teny malagasy sy ny raharaham-panjakana teo.
Ho randra-tarihana any amin'ny firenen-kafa anie izao ezaka ho fanomezan-danja ny teny malagasy efa natombokareo sakaizan'ny Akademia any am-pielezana izao.
Mitozoa hatrany amin'ny ezaka izay atao ho an'ny teny malagasy.







Masoandrontsoa

Poety - Mpanoratra
Mpikambana CLUB1808

Ny teny no fitaovana iray hahafahantsika samy Malagasy mifandray sy mifanerasera, mitarika antsika ho amin’ny firaisan-tsaina sy fifankahazoana am-po ka manamafy ny fihavanana sy ny maha-iray antsika tokoa.

Reharehantsika noho izany ny fananana azy satria, izy, ny teny, no ilay tady mampifandray sy mampifamatotra antsika ho iray ihany, eny, na aiza na aiza toerana misy antsika.

## Famaranana ny IRAY VOLAN'NY TENY MALAGASY

RAHARAHA IKAMBANANA HO AN'I MADAGASIKARA

**Eo ambany fiahian'ny Konsilin'i Madagasikara eto Marseille, Atoa RABEARISOA Hery**

# ALAKAMISY 29 JONA 2023

5 ora folakandro - 9 ora alina

**CONSULAT GÉNERAL DE MADAGASCAR - 234 Bd Périer, 13008 MARSEILLE**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

Hetsika hiarahana amin'ireo **"Sakaizan'ny Akademia Malagasy aty ampielezana"** izay tarihan'i **"Masoandrontsoa"**, Poety, mpanoratra, mpikambana CLUB 1808, miaraka amin'ireo **fikambanana vonona ny hiaro sy hanasandratra avo ny Teny Malagasy**.

Lohahevitra :

**« NY TENY MALAGASY SY NY RAHARAHAM-PANJAKANA »**

- **5 ora** : fandraisana, fampirantiana boky, fihaonana amin'ireo mpanoratra, antsa tononkalo sy fanentanana isan-karazany.
- **7 ora sy sasany** : fifanakalozana arahina adihevitra mahakasika ny lohahevitra, fiaraha-miala hetaheta sy fifanomezan-kasina otronin'ireo mpanakanto mivoy ny kanto malagasy.

- **VOAFETRA ny isan'ny mpanatrika.**
- **Fiaraha-miala hetaheta Atolotry ny CLUB 1808 sy ireo fikambanana namana.**

CLUB 1808 MONDE

- **Famandrihana sy Fanazavana fanampiny :**
  - **https://my.weezevent.com/tenintsika-2023**
  - **alohan'ny Alatsinainy 26 jona 2023 - 12 ora tolakandroandro**
  - **06 51 69 85 98 - contact@club1808.com**

AKADEMIA MALAGASY

FI.MPI.MA.

Faritany Frantsa FI.MPI.MA.

CLUB 1808 MONDE

Evah TENY malagasy

Korobe

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FI.MPI.MA. SOISY

FTM

fpma Aix Marseille

FIVMPAMA PARIS

CEM CLUB

Havatsa

VOXMADA
Think & Do Tank
Cercle VOXMADA

MNGE
MADAGASCAR NOUVELLE GÉNÉRATION D'ENTREPRENEURIAT

ICDD
Innovation citoyenne et développement durable

**... sy ireo "SAKAIZAN'NY AKADEMIA ATY AMPIELEZANA" maro hafa koa.**

MASOANDRONTSOA

FUM Cachan
FTM
FAMPIANARANA TENY MALAGASY